



FITONDREN-DRAHARAHAN'NY LALANA

**SAMPAN-DRAHARAHAN'NY LALANA SY NY FIVORIANA
FOTOAM-PANOAVAN-DALANA FAHAROA
AO AMIN'NY REPOBLIKA FAHAEFATRA**

TAONA 2020

FAMINTINANA IREO RIJAN-TENY LANY

**NANDRITRA NY FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA
(NY 26-08-20 HATRAMIN'NY 03-09-20)**

03 Septambra 2020

Volavolan-dalàna lany (01)

N°	Lohateny	Famintinana
02	<p>Lalàna laharana faha-2020-012 entina mankatò ny <i>Hitsivolana laharana faha-2019-002</i> du 15 mey 2019 mikasika ny Lalàna fehizoro manova sy mameno ny fepetra sasantsasany amin'ny lalàna fehizoro mikasika ny fitondrana amin'ny ankapobeny ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka izay mamaritra mazava ny famaritana ny fampielezan-kevitra, ny fandraranana sy ny famepetrana ampiharana ireo olona misahana asa aman'andraikitra sivily sy miaramila;</p> <p>ny <i>Hitsivolana laharana faha-2019-006</i> tamin'ny 28 mey 2019 mikasika ny Lalàna fehizoro manova ny fepetra sasatsasany amin'ny Lalàna fehizoro laharana faha-2015-007 tamin'ny 03 marsa 2015 andraiketana ny fitsipika mikasika ny fampandehanana ny Antenimierandomolona ary koa ny fombafomba fifidianana sy anendrena ireo mpikambana ao amin'ny Antenimierandomolona'i Madagasikara, ary ny <i>Hitsivolana laharana faha- 2019-009</i> tamin'ny 5 jolay 2019 tamin'ny 15 jolay 2019-</p>	<p>Ity volavolan-dalàna ity no ankatoavana : ny Hitsivolana laharana faha-2019-002 du 15 mai 2019 mikasika ny Lalàna fehizoro manova ny mameno ny fepetra sasantsasany amin'ny lalàna fehizoro mikasika ny fitondrana amin'ny ankapobeny ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka izay mamaritra mazava ny famaritana ny fampielezan-kevitra, ny fandraranana sy ny famepetrana ampiharana ireo olona misahana asa aman'andraikitra sivily sy miaramila;</p> <p>ny Hitsivolana laharana faha-2019-006 tamin'ny 28 mey 2019 mikasika ny Lalàna fehizoro manova ny fepetra sasatsasany amin'ny Lalàna fehizoro laharana faha-2015-007 tamin'ny 03 marsa 2015 andraiketana ny fitsipika mikasika ny fampandehanana ny Antenimierandomolona ary koa ny fombafomba fifidianana sy anendrena ireo mpikambana ao amin'ny Antenimierandomolona'i Madagasikara izay mametra ho valo ambin'ny folo (18) ireo mpikambana ao amin'ny Antenimierandomolona ka ny roa ambin'ny folo (12) dia olom-boafidy izay roa (02) isaky ny Faritany fa ny enina (06) kosa dia tendren'ny Filohan'ny Repoblika;</p> <p>ny Hitsivolana laharana faha-2019-009 tamin'ny 5 jolay 2019 tamin'ny 15 jolay 2019</p>

<p>manova sy mameno ny fepetra sasantsasan'ny Lalàna manova ny Lalàna laharana faha-99-022 tamin'ny 19 aogositra 1999 mikasika ny Fehezan-dalana mifehy ny Harena ankibon'ny Tany.</p> <p>Fivoriamben'ny</p> <p>Antenimierampirenena :05-03-20 sy 12-03-20 (fivoriana tsy ara-potoana tamin'ny volana marsa 2020) ary 01-09-20</p> <p>Vaomiera ikambanana isasahana: ny 28-08-20 tao amin'ny Antenimierampirenena ary 31-08-20 tao amin'ny Antenimierandoholona .</p>	<p>manova sy mameno ny fepetra sasantsasan'ny Lalàna manova ny Lalàna laharana faha-99-022 tamin'ny 19 aogositra 1999 mikasika ny Fehezan-dalana mifehy ny Harena ankibon'ny Tany izay mampiditra ny famaritana ny «fandikan-dalàna eo amin'ny lafiny fitantanan-draharaha » amin'ny fanazavana misimisy kokoa ny fandoavana ny fifampiraharohana ara-bola (transaction). Omena fe-potoana 72 ora ny olona heverina ho nanao fahadisoana mba hahafahany mikarakara ireo taratasy azo anaporofoa ny maha-ara-dalàna azy manoloana ny Fehezan-dalàna momba ny Harena ankibon'ny tany sy ireo rijan-teny fampiharana izany.</p>
--	--